

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

PASTEUR SYNODAL

PRÉSIDENT DE LA FPMA

Email: fpma.france@orange.fr;
jeanravalitera@gmail.com

+33698114675 ☎ +33983211540

PRÉSIDENT DE L'EPMF/FPMA

NY KRISTIANA SY NY FITSAPANA

LES CHRÉTIENS ET LES ÉPREUVES

Fampianarana atolotry ny Filohan'ny FPMA, *Rev. Dr Jean A. RAVALITERA*

Azo atsongana ho lohateny amin'ny fikarohana teôlôjika (thèse) anankiray io nofidina hiarahantsika mamakafaka anio io, satria maro no azo ambara momba izany, na avy amin'ny fiainantsika andavanandro, na izay ohatra raisintsika avy ao amin'ny Soratra Masina. Fa mba hamintinana sy hahafahantsika manovo aim-panahy eo amin'ny fijoroantsika ho vavolombelona, dia teksta telo no navahako hofakafakaintsika :

☞ «Ry havako, ataovy ho tretimika tokoa ny tenanareo raha ifandafaran'ny fitsapana samihafa; satria fantatrarao fa ny fisedrana ny finoanareo dia mahatonga faharetana.» *Jakoba 1, 2-3* ;☺

☞ «Izany koa no iravoravoanareo na dia mbola tsy maintsy hampahorina vetivety amin'ny fitsapana samy hafa aza ianareo. Ny volamena dia sedraina amin'ny alalan'ny afo na dia zavatra mety simba aza; ary ny finoanareo, izay sarobidy lavitra noho ny volamena, dia sedraina amin'ny alalan'ireny fitsapana ireny ka ho hita fa hahazoan'Andriamanitra dera sy voninahitra ary haja izany, amin'ny andro hisehoan'i Jesoa Kristy.» *1 Petera 1, 6-7* ☺

☞ «Fa mba tsy hampieboebo ahy noho ireo fanambarana tsy manan-tsahala voaraiko, dia navelan'Andriamanitra hisy zava-mampijaly ahy tao amin'ny tenako; toy ny irak'i Satana mamely ahy izany ka misakana ahy tsy hieboebo. Intelo aho no niangavy ny Tompo mba hialan'izany aretina izany amiko; nefa hoy ny Tompo tamiko: Ampy ho anao ny fahasoavako, satria ao amin'ny fahalemenao no isehoan'ny heriko tanteraka. Koa vao mainka sitrako mihitsy ny hirehareha amin'ny fahalemeko, mba hambomba ahy ny herin'i Kristy. Ka dia ifaliako ny fahalemena, ny fanevatevana, ny fahaterena, ny fanenjehana ary ny tebiteby, izay manjo ahy noho ny amin'i Kristy; fa rehefa malemy iny indrindra aho no mahery.» *2 Korintiana 12, 7-10*.☺

Marihiko sahady eto am-panombohana fa tsy tokony hampifangaroina manoloana ny zava-tsarotra lalovana ny antsointsika kristiana hoe «fitsapana», izay mikendry hitondra antsika amin'ny fiovam-po sy fahatsarana bebe kokoa, sy ny «famaizana» izay ampiharina Andriamanitra ho an'izay mikomy tanteraka Aminy. Nisy toetra raiki-tapisaka ao anatin'ny fon-janak'olombelona ka mirongatra matetika raha vao mitodika amin'ny tenany izy. Tsy inona izany toetra izany fa ny «fieboeboana» na «fireharehana sy fiheverantena ho zavatra» (*fr. Orgueil*). Io fieboeboana io no mahatonga fahotana, tsy fankatoavana an'Andriamanitra. Tsy maty ao am-pontsika olombelona io toetra io hatramin'ny fotoana nahatafasaraka antsika olombelona tamin'Andriamanitra noho ny tsy fankatoavan'i Adama sy Eva. Io no vokatr'ilay fakam-panahy

nahalavo tany am-boalohany, dia ny «te hitovy amin'Andriamanitra». Izany no nahatonga ny Tompo Jesoa Kristy, ao amin'ny vavaka nampianariny, mba hangatahantsika mandrakariva amin'Andriamanitra Ray, hoe: « aza avela ho azon'ny fakampanahy izahay, fa manafaha anay amin' ilay Ratsy! » Matio 6, 13. Nataoko izay fanamarihana izay, satria ny teny fototra grika, **peirasmos**, izay nadika hoe «fitsapana» dia iray ihany amin'izay nadika hoe «fakam-panahy» na «fitaoman-dratsy».

Raha nahatsiaro tena Davida ka nibebaka tamin'Andriamanitra taorian'ny nanotàny sy nananaran'Andriamanitra azy, dia hoy ny fivavahany hoe : «.Ianao irery tokoa no nanotako, ny ratsy eo imasonao no nataoko; hany ka ara-drariny Ianao raha miteny, ary tsy omen-tsiny raha manadidy. Jereo fa meloka aho no teraka, mpanota raha notorontoronina; nefa ny hahitsy ao anaty no sitrakao, koa ny fahendrena am-po no atoroy ahy. Ataovy afa-pahotana tokoa aho, dia hadio; sasao aho, dia ho fotsy mangatsakatsaka. » Salamo 51, 6-9. Noho ny fitiavany sy ny famindrampony kanefa dia miala nenina sy mitaona ny olona hiverina Aminy foana Andriamanitra. Izay mahatsiaro tena dia mahay mifona toa an'i Davida sy nibaboka tamin'Andriamanitra hoe: « Mety manao hadisoana ny olona, saingy tsy mahatsikaritra akory; koa mamela ahy amin'ny ota tsy nahy. Arovy tsy ho voan'ny ota iniana aho, ka aza avela hanan-kery amiko ireny; dia tsy hanan-tsiny tokoa aho sady ho afaka amin'ny heloka bevava.» Salamo 19, 13-14. Ny fitaoman'Andriamanitra ny olona hiverina ho eo Aminy, **ho an'ny olona mahatsiaro tena sy mino ary matoky an'Andriamanitra, no ahatsiarovana ny fahoriana mbamin'ny zava-mitranga eo amin'ny fiainana hanjary ho «fitsapana»**. Fa hoy ny mpanao Salamo, hoe: « Nahaso ahy ny azom-pahoriana mba hianarako ny lalananao » Salamo 119, 71; ary hoy ny fananaran'ny mpanoratra ny Epistily ho an'ny Hebreo, hoe: «Famaizana mandritra ny andro vitsivitsy ihany no nampihariny ireo raintsika eto an-tany, araka izay heveriny fa mety; fa soa ho antsika kosa no amaizan'Andriamanitra antsika, dia ny mba hiombonantsika anjara amin'ny fahasianany. Rehefa faizina isika, dia heverintsika ho zavatra mampahory fa tsy mahafaly izany eo no ho eo; fa aty aoriana, ny olona tinaiza tamin'izany famaizana izany vao mahita ny voka-tsoany: dia fiadanana vokatry ny fitondrantena mahitsy» Hebreo 12, 10-11

Fa niniaviko noraisina ihany koa ny fijoroan'ny apôstôly Paoly ho vavolombelona nanoloana izay tsaroany teo amin'ny fiainany amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra azy, araka ny hitantsika ao amin'ny 2 Korintiana 12, 7-10. Efa tonga fampiasantsika kristiana ankehitriny mba hilazana ny fitsapana ihany koa manko ny hoe «tsilo» (amin'ny dikanteny mahazatra antsika amin'ny Baiboly protestanta malagasy). Ny teny fototra grika **skolops** izay nadika hoe «tsilo» amin'ny teny malagasy, «écharde» amin'ny teny frantsay, ampifandraisina amin'ny hevitra ny teny hoe «tsilo» amin'ny ankapobeny ao amin'ny Soratra Masina mba hilazana zava-mihatra eo amin'ny fiainan'ny mpino, dia maneho fanatrehan'ny asan'ny fahavalo hanelingelina. Hitantsika izany ao amin'ny Nomery 33, 55: « Fa raha tsy roahinareo ny mponina rehetra amin'ny tany ao, dia ho lay amin'ny masonareo sy ho tsilo amin'ny tehezanareo izay olona sisa tavela ka hampijaly anareo eo amin'ny tany honenanareo », sy ao amin'ny Josoa 23, 13: « fantaro tsara fa tsy hanohy handroaka azy eo anoloanareo intsony ny TOMPO Andriamanitrareo. Hanjary fandrika sy tonta ho anareo ireny firenena ireny, ary ho karavasy mamely eo an-damosinareo sy ho tsilo eo amin'ny masonareo ambara-pahalany ritra anareo », ary ao amin'ny 2 Samoela 23, 6: « Fa ny olom-poana rehetra kosa dia tahaka ny tsilo fanary ka tsy mba fandrain-tanana ».

→ **Ny fitsapana ny mino, na ny tsilo maharary eo aminy dia tsy avy amin'Andriamanitra fa asan'i Satana, kanefa ampiasain'Andriamanitra mba hahasoa ny mpanompony.** ← Mazava tsara ny Tenin'Andriamanitra, araka ny Jakoba 1, 13-15, hoe: «Raha misy alaim-panahy, aoka izy tsy hanao hoe: Andriamanitra no maka fanahy ahy; satria tsy mba mety alaim-panahy hanao ratsy Andriamanitra sady tsy mba maka fanahy olona. Fa samy alaim-panahy ny olona, rehefa mitaona azy sy mitady hamandrika azy ny filandratsiny; ka rehefa eken'ny olona ny filandratsy, dia miteraka ota; ary rehefa mahazo bahana tanteraka ny ota, dia miteraka fahafatesana ara-panahy.»

INONA ÀRY NO ANTON'NY FITSAPANA HO AN'NY KRISTIANA MPINO ?

Misy ireto hevi-dehibe vitsivitsy ireto tsara hotanana sy hotsarovantsika kristiana mandrakariva manoloana ny fitsapana:

❶ MIRAKITRA FANAMBARANTENAN'ANDRIAMANITRA AMINTSIKA (RÉVÉLATION) AO AMBADIKY NY FITSAPANA

① **Ny fitsapana no mampahalala antsika fa tompon'ny zavatra rehetra ary loharanon'ny zava-tsoa asehony amintsika amin'ny fitiavany Andriamanitra.**

Toa raha tsy manoloana ny zava-manahirana ary toa tsy afaka manao na inona na inona intsony, tsy mety mahatsapa isika olombelona fa manan-kery sy tompon'ny zavatra rehetra ary mikendry izay hahasoa antsika Andriamanitra. Manome lesona ho antsika ny Zanak'Isiraely nanoloana ny Ranomasina mena narahin'ireo Egyptiana nanenjika azy ireo tao aoriana (*Eksodosy 14, 10-14*), ireo mpianatra nasamboaravoaran'ny ranomasina nanonja fatratra kanefa Jesoa renoky ny torimaso (*Marka 4, 38-40*), ny apôstôly Paoly nitaraina sy nangataka mba hanesorana ny maharary nihatra tamin'ny tenany (*2 Korintiana 12, 7-9*).

② **Ny fitsapana dia miseho mba hanatanjahana ny finoantsika.**

Hafa Andriamanitra Mpaharyantsika ary hafa isika olombelona izay zava-boaariny ihany. Adinontsika izany rehefa heverintsika ho mandeha tsara araka ny fisainantsika sy izay mahafaly antsika ny zavatra rehetra. Na dia vitan'Andriamanitra sy tsy tokony hilàny antsika akory aza ny zavatra rehetra, noho ny fitiavany sy ny famindrampony dia sitrany ny hiara-miasa amintsika amin'ny fanatanterahany ny fikasany ho an'ny zava-boaariny rehetra, ka ao anatin'izany isika olombelona. Voafatotry ny fitokisana amin'ny saina amam-pahalalana isika ka tsy mahatsiaro fa misy fetra ny azontsika atao, ary Andriamanitra Irery ihany no afaka hanampy hahafahantsika mihoatra izany fetra izany. Ny hany takiany amintsika dia ny fitokisana Azy (confidence) sy ny finoana Azy (foi). Indraindray aza dia terentsika hanao araka ny tiantsika Izy. Tahaka ny zaza isika eo anatrehany. Hoy ny ohabolantsika malagasy hoe: «teren-ko masaka toy ny voalobo-jaza», midika hoe ho an'ny mbola tsy matotra dia heverina ho vitavita ho azy sy zava-mahagaga (magique) avokoa ny zavatra rehetra. Ny zaza dia tsy manana fahamatorana ara-tsaina fa manaiky an-jambany izay lazaina aminy, nefa koa mora resin-tahotra manoloana ny tsy tsy fantany ka tsy mahavita na inona na inona raha tsy miankina amin-drainy sy reniny. Ny «zazabodo ara-panahy» dia mivelona amin'ny «rononom-panahy», izany hoe ny tsotsotra sy tsy manahirana ihany fa mety avy hatrany amin'ny fotoana rehetra. Ilaina ho an'ny mino ny fananana ny «toetry ny zaza» 'esprit d'enfance) eo am-piandohana, kanefa tsy natao haharitra mandrakariva izany fa mila fivelarana sy fitomboana isika. Fomban'ny voromahery ny manosika ny zanany eo amoron-tevana mba hahazany manidina sy hahalala ny tokony hataony rehefa lehibe izy. Ao anatin'ny ady ataony amin'ny tenany no hahafantarany fa hafa ny ray aman-dreniny ary hafa izy. Kanefa matoky izy fa hamonjy azy ao anatin'ny sarotra ny ray aman-dreniny. Toy izany koa no hampitomboana ny hanatanjahan'Andriamanitra ny finoantsika rehefa antsoina hiara-miasa aminy isika. Raisin'ny *Deuteronomia 32, 11-12* izany sary an'ohatra izany, hoe: « Mova Izy tsy ny voromahery mitaona ny zanany hisidina ka manaitaitra azy eo ambonin'ny akaniny. ary mamelatra ny elany handraisany ny reraka mba hitondrana azy eo ambonin'ny elany? Ny TOMPO irery no nitarika ny vahoakany; tsy nisy andriamani-kafa niaraka taminy ». Amim-pitoniana sy fahendrena ary indrindra amim-pitiavana no hanambaran'Andriamanitra ny Tenany amintsika sy hitaizany antsika, araka ny voasoratra ao amin'ny *1 Korintiana 10, 12-13*, hoe: « Koa amin'izany, izay manao ny tenany ho mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina sao lavo. Tsy nisy fakampanahy nianjady taminareo afa-tsy izay mpahazo ny olombelona. Fa mitana ny toky nomeny Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakan'ny herinareo. Rehefa ianjadian'ny fakampanahy kosa ianareo, dia homeny hery hahazakanareo sy homeny lalana hahafahanareo. ». Raha mino sy matoky Azy tokoa isika, dia araka ny voalazan'ny *2 Timoty 2, 3*, hoe: « Aoka hiaritra fijaliana miaraka amiko ianao, toy ny miaramila tsaran'i Kristy Jesoa ».

❷ MAMPIANATRA SY MITAIZA ANTSIKA KRISTIANA MPINO NY FITSAPANA

③ **Ny fitsapana dia miseho mba hitaiza antsika hanana fianam-bavaka (vie de prière).**

Manome lesona lehibe ho antsika indrindra momba izany i Jesoa Kristy tamin'ny fivavahana sy fitalahoana mafy nataony tao Getsemane mialoha ny niaretany. Tsy nanana ota ny Tompo, ary niombona tanteraka tamin'ny Rainy Izy, fa tamin'ny naha-olombelona Azy, nitolona amim-bavaka tamin-dRainy Izy, ka hoy Izy hoe: « Raiko o, raha azo atao, esory lavitra Ahy izao fijaliana izao;

kanefa tsy hoe araka izay sitrapoko, fa araka izay sitraponao! » Matio 26. 39. Tsy azontsika terena hanaraka ny sitrapontsika Andriamanitra, na dia mety hiova hevitra ihany aza Izy noho ny famindrampony (cf. Jona 3. 8-9: « Na olona na biby dia tsy maintsy misarona lamba fisaonana avokoa. Ary aoka hitaraina mafy amin'Andriamanitra ka hiala amin'ny toetra ratsiny sy ny herisetra nahazatra ny tanany. Iza no mahalala? Angamba hiova fanapahan-kevitra ihany Andriamanitra ka hiala amin'ny fahatezerany mirehitra mba tsy hahafaty antsika. Rehefa hitan'Andriamanitra ny fihetsik'ireo Ninivita izay niala tamin'ny toetra ratsiny, dia niova fanapahan-kevitra Izy ka tsy nampihatra ny loza izay nolazainy hamelezany azy ». Nanana ny fandaminany momba ny fanavotana ny olona Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany ho tonga olombelona toa antsika. Fa hoy ny Hebreo 5. 7-9 momba izany, hoe: « I Jesoa, fahavelony teto an-tany, dia nanolotra fivavahana sy fitalahoana nombam-pitarainana mafy sy ranomaso be tamin'Andriamanitra, Izay afa-mamonjy Azy tsy hiharan'ny fahafatesana; ary dia nohenoin'Andriamanitra izy, ka afaka tamin'ny tahotra ny ho faty. Na dia Zanak'Andriamanitra aza Izy, dia nianatra nanao tamin'ny fijaliana niaretany. Nony efa tonga amin'izay fanaperana Izy, dia zary loharanom-pamonjena mandrakizay ho an'izay rehetra manoa Azy». Ny vavaka dia tsy afa-misaraka na oviana na oviana amin'ny fetezana hanao ny fikasan'Andriamanitra.

④ **Ao anatin'ny fiainam-bavaka, ny fitsapana dia mitaona antsika mba hahay mibebaka sy miverina marina amin'Andriamanitra.**

Natao ho an'izay nahatsiaro ho nahavita heloka sy nandà ny sitrapon'Andriamanitra izany. Aza ampifangaroina ny fihetsahampo tsotra sy ny tena fibebahana. Matetika manko dia misy «fahatsiarovantena ho malemy sy tsy tanteraka mandrakariva» (sentiment de culpabilité) ao amintsika. Mivoy izany ny fanandratana tafahoatra ny fitsipi-pitondrantena eo anivon'ny fiarahamonina izay mihevitra fa ny lalàna sy ny fitsipika no mifehy ny antom-piainana rehetra. Adino amin'izany fa natao ho arofanina ihany ny lalàna, fa ny finoana sy ny fiombonana amin'Andriamanitra no tokony ho lehibe kokoa. Fantatr'Andriamanitra tsara isika sy ny fahalementsika, ary te hanitsy antsika Izy. Fa tsy isika no mamaritra ny toko ny ho fiasan'Andriamanitra amintsika. Izay no hanamafisana fa ny fiainam-bavaka no hifandraisan'Andriamanitra amintsika ary hitarihan'Andriamanitra antsika, rehefa manaiky ho eo ambany fifehezany isika fa tsy mandeha araka ny saintsika fotsiny. Hoy ny hafatry ny Tompo Jesoa tamin'ireo mpianany: «Miareta tory ary mivavaha mba tsy ho azon'ny fakampanahy. Marisika ihany ny fanahin'ny olona, fa ny nofo no malemy!» Matio 26. 41. Izay tsy miambina no manamafy fo ka tsy mahay mandinika, ary tsy mahatsiaro akory fa diso. Manitsy ny olona ny fitsapana arahim-bavaka, araka ny hafatra hoe: « Misy ory ve ianareo? Aoka izy hivavaka. Misy finaritra ve? Aoka izy ho velon-kira fiderana. » Jakoba 5. 13. Hoy ny filazan'ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Timoty 6. 5-9, hoe: « Fifanoherana tsy misy farany eo amin'ny olona efa ratsy saina sady efa tsy mahalala ny hafatra marim-pototra intsony. Heveriny fa ny fivavahana dia atao ho filan-karena. Eny, harem-be tokoa ny fivavahana ho an'ny olona mahay mianina amin'izay ananany. Koa rehefa mba manan-kohanina sy hitafiana isika, dia aoka hianina amin'izany. Fa izay te hanan-karena, dia voan'ny fakampanahy sy ny fandriky ny filana maro tsy misy antony sady manimba, izay mandetika ny olona hihitsoka ao amin'ny fandranganana sy ny fahaverezana ». Tsy ny harena hita maso ihany akory no lazaina amin'izany, fa ny fitadiavan-tombontsoa tafahoatra ho an'ny tena sy ny filam-boninahitra ihany koa. Hita na dia eo anivon'ny Fianganana aza izany.

⑥ **MITAIZA ANTSIKA KRISTIANA MPINO HANAM-PAHARETANA NY FITSAPANA**

⑤ **Ampianarina isika hahay manavaka ny asa tsara sitrak'Andriamanitra amin'ny rehak'izao fiainana izao fotsiny.**

Hoy ny anatra nataon'ny apôstôly Paoly tamin'i Titosy, hoe: «Fa maro tokoa, indrindra tamin'ireo Jiosy tonga kristianina, no mikomy sy manodoka ny olona amin'ny taria poaka aty. Tsy maintsy tampanam-bava ireo fa mampisavorovoro fianakavianana maro, satria mampianatra zavatra tsy tokony hampianarina mba hahazoan-karena amin'ny fomba maloto. ...Koa reseo lahatra ireo mba hanana finoana tsy misy tomika, mba tsy hifikitra intsony amin'angano jiosy sy didy

nataon'olona izay niala tamin'ny fampianarana marim-pototra. Madio avokoa ny zavatra rehetra amin'ny olona madio; fa tsy misy madio na inona na inona amin'ny olona voaloto sady tsy mino, satria samy efa voaloto na ny sainy na ny fieritreretany. Miaiky izy fa mahalala an'Andriamanitra, nefa manda Azy amin'ny ataony; ka olona mpanimbazimba sady tsy mba manoa ary tsy mahavita asa soa na inona na inona» Titosy 1, 10-16. Ny mihevi-tena ho efa ambony kokoa noho ny hafa amin'ny ara-pinoana no mora mitsara ny hafa ary mamaritra ny heverina ho asa tsara, kanefa araka ny sain'olombelona ihany. Tsy vitsy no kivy ka miuala mandao ny Fiangonana noho izany. Fa asam-ptaivana ny mandresy lahatra azy ireo hiverina sy hitodika amin'Andriamanitra ary hanam-paharetana. Tahaka ny afo hisedrana ny volamena mba hanala ny loto aminy ny fitsapana, araka ny voalazan'i Petera: «Ry hava-malala, aza gaga amin'ny fanenjehana mivaivay miseho teo aminareo sady mihatra aminareo mba ho fizahan-toetra, ka hihevitra izany ho zava-tsy fahita midona aminareo.

13 Fa mifalia araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy, mba ho heni-kafaliana aman-karavoana koa ianareo amin'ny andro hisehoan'ny voninahiny» 1 Petera 4, 12. Fa hoy koa ny voalazan'i Jakoba ao amin'ny taratasiny, hoe: «Ry havako, ataovy ho tretiaka tokoa ny tenanareo raha ifandafaran'ny fitsapana samihafa; satria fantatrareo fa ny fisedrana ny finoanareo dia mahatonga faharetana. Ary aoka ny faharetanareo homban'asa tanteraka mba ho lavorary sy tonga ohatra ianareo, ka tsy ho orin-javatra na amin'inona na amin'inona. Kanefa raha misy aminareo tsy manam-pahendrena, dia aoka izy hangataka amin'Andriamanitra fa homeny; satria manome malalaka ho an'ny olona rehetra Andriamanitra sady tsy mba mandatsa. Tsy maintsy mino tsara anefa izy rehefa mangataka, fa tsy hiahahanana; satria izay miahahanana dia toy ny alon-dranomasina tsofin'ny rivotra sy atopatopany. Aoka tsy hanampo handray zavatra avy amin'ny Tompo ny olona toy izany, fa miroa saina sady mivadibadika amin'ny fiaimpiainany rehetra. Aoka Andriamanitra manandratra azy no hataon'ny havana mahantra ho reharethany; ary aoka Andriamanitra mampietry azy no hataon'ny havana mpanankarena ho reharethany, satria hihelina toy ny vonin'ireo ahitra eny an-tsaha ny mpanankarena. Eny, niposaka ny masoandro omban'ny hafanana migaingaina, dia nampalazo ny ahitra; ka nihintsana ny voniny ary levona ny hatsaran-tarehiny. Dia toy izany koa ny mpanankarena: ho levona eo anivon'ny lahasany izy. Sambatra ny olona izay maharitra ny fitsapana; fa rehefa voasedran'izany izy, dia ny fiainana efa nampanantenain'Andriamanitra ireo tia Azy no horaisiny ho satroboninahi-pandresena.» Jakoba 1, 2-12.

Ao anaty fitsapana, ny mino dia ampaherezin'ny tenin'Andriamanitra nambaran'ny apôstôly Paoly ao amin'ny Romana 5, 3-5, hoe: «Tsy izany ihany, fa ireharehantsika koa ny fahoriana mahazo antsika: satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga faharetana; ny faharetana mahatonga toetra voasedra; ny toetra voasedra mahatonga fanantenana; ary ny fanantenana tsy mba manodoka, fa efa voarotsaka ao am-pontsika ny fitiavan'Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izay nomena antsika.»

© **Ny fitsapana dia mitaiza hanana finoana ka hatoky ny fitondran'Andriamanitra, kanefa manaiky hiara-miasa amin'Andriamanitra hahatanteraka izany.**

Hoy ny famaritan'ny taratasy ho an'ny Hebreo ny finoana, hoe: «Ny hoe mino dia mahazo antoka tsara ny zavatra antenaina ary matoky ny zavatra tsy hita.» Hebreo 11, 1. Mba hahatongavany amin'ny tanjona kendreny, ny fitsapana amin'ny finoana dia mila faharetana, fitozoana (persévérance), fahendrena, ary ady mandra-pahatongavana amin'ny fandresena. Alaim-panahy hatoky tena manko isika, kanefa ny fahatokisan-tena tafahoatra dia fahavalon'ny finoana. Tsapan'ny apôstôly Paoly izany, koa ny fitsapana na tsilo tao aminy dia nampitodika azy tamin'Andriamanitra ary nampitombo ny fiainam-bavaka taminy: «» 2 Korintiana 12, 7-9. Manampy sy manohana antsika ao anatin'ny fitsapana Andriamanitra. Hoy indrindra ny apôstôly Paoly momba izany, hoe: «Hankalazaina anie ilay Andriamanitra sady Rain'i Jesoa Kristy Tompontsika, ilay Ray feno hatsaram-po sady Andriamanitra loharanon'ny fampaherezana rehetra. Mampahery anay amin'ny fahoriana isan-karazany manjo anay Andriamanitra, ka ny

fampaherezana azonay taminy no entinay mampahery ny olona ianjadian'ny fahoriana isan-karazany» 2 Korintiana 12, 3-4.

④ **MAHATONGA FIDERAN'NY MINO AN'ANDRIAMANITRA NY FITSAPANA**

⑦ « Vao miantso vonjy ny olo-marina, dia henoin'ny TOMPO sy afahany tamin'izay fahoriany rehetra. Fa akaikin'ny torotoro fo izy sady mamonjy ny rera-tsaina. Na maro fahoriana aza ny olo-marina, dia afahan'ny TOMPO amin'izany rehetra izany. » Salamo 34, 18-20. Toa manamafy izany ny mpaminany Isaia, raha nitondra ny teny manambara ny asan'Andriamanitra mitsinjo mandrakariva ny olony izy. Fa hoy Isaia, hoe: « Ry vahoaka Israely, firenen'i Jakoba, nahoana ianao no miteny sy manamafy hoe: "Tsy hitan'ny Tompo akory izay mahazo ahy, lalovan'Andriamanitra fotsiny ny zoko?" Tsy fantatrao sady tsy efa renao vafa ny TOMPO dia Andriamanitra mandrakizay? Izy no namorona ny tany manontolo. Tsy mba reraka Izy na sasatra, ary tsy misy fetra ny fahalalany. Manome hery ny reraka Izy ary manatanjaka ny malemy. Ny tanora aza dia mihareraka sy mety sasatra, ny mahery tompon-daka aza dia mety ho solafaka. Fa izay matoky ny Tompo kosa dia hahazo hery vaovao hatrany, ka hisidina ambony toy ny voromahery. Hihazakazaka izy nefa tsy hosasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka » Isaia 40, 27-31. Ary ny apôstôly Petera manamafy hoe: « Ianareo izay arovan'ny herin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana mba handray ny famonjena efa vonona haseho amin'ny andro farany. Izany koa no iravoravoanareo na dia mbola tsy maintsy hampahorina vetivety amin'ny fitsapana samy hafa aza ianareo. Ny volamena dia sedraina amin'ny alalan'ny afo na dia zavatra mety simba aza; ary ny finoanareo, izay sarobidy lavitra noho ny volamena, dia sedraina amin'ny alalan'ireny fitsapana ireny ka ho hita fa hahazoan'Andriamanitra dera sy voninahitra ary haja izany, amin'ny andro hisehoan'i Jesoa Kristy. » 1 Petera 1, 5-7

FEHINY:

Tsy Andriamanitra no mahatonga ny fahoriana fa asan'ilay Ratsy izany, kanefa amboarin'Andriamanitra ny fahoriana hanjary fitsapana hahasoa ny mino. Ny tsy manana an'Andriamanitra mora kivy sy mamoi-fo; fa ny mino kosa mahay midera sy mankalaza, araka ny voalazan'ny Romana 8, 28,35-37 : « Fantatsika fa Andriamanitra dia miasa hahatonga ny zavatra rehetra hahasoa ny olona tia Azy, dia ny olona nantsoiny araka ny fikasany rahateo. ... Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana ve, sa fihafiana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fahantrana, sa loza, sa fahafatesana? Araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: Noho ny aminao no anatrehanay fahafatesana tontolo andro; toy ny ondry hovonoina ny fihevitra ny olona anay! Amin'izany rehetra izany anefa, dia tena mpandresy tanteraka isika, amin'ny alalan'Ilay efa tia antsika. »

